

" NY FANASAN' ANDRIAMANITRA " (Cf. Isaia 25. 6 - 9)

Ny tekstantsika namotorana ny fampianarana hatao, dia ny Isaia 25. 6 - 9 , dia ao anatin' ny toko faha- 25 azontsika omena lohahevitra hoe " **Ny fanafahana lehibe** " . Voarakitra ao ireto fizaran- kevitra ireto : and. 1 - 5 : ny fiafaran' ny fanangolena; and. 6 - 8 : Ny fiafaran' ny aizina sy ny alina; ary and. 9 - 12 : ny fiafaran' ny fiavonavonana .

Ny amin' ny fizarana voalohany, dia ahitana soritra fiderana noho ny fahatanterahan' ny zavatra voakasa efa hatramin' ny ela. Voalaza ao ny amin' ny faharavan' ny firenen- dozabe mpanitsakitsaka izay tsy hatsangana intsony mandrakizay. Nampahory ny malahelo sy ny reraka izy. Tena nasiaka sy nampahory tamin' ny heriny tokoa. Nefa dia hita ao ny fankasitrahana sy fiderana ataon' ireo nampahoriana.

Hotanteraka miandalana amin' ny fotoany ny fikasan' Andriamanitra.

Izay no anton' ny tsy ankalazan' ilay hira ny fandresena hotanteraka amin' ny hoavy ihany (rehefa rodana ny mandan' ny fahavalao), hoazo ny fankalazany (and. 3), hovoafehy ny fietraketrahany (and. 5) ; fa mbola asandrary koa ny fialofana efa hita sahadys ao amin' Atra, na dia mameley amin' ny faratampon' ny heriny aza ny fanaovan- dratsy (and. 4) -- aseho amin' ny fomba filaza ny fomba fiasan' ny zava- boahary miseho amin' ny heriny ny fanafihany, dia ny amin' ny ranonoram- baratra sy ny hainandro mitanika ny tany karankaina.

Fa eto amin' ny teksta ananantsika hovelabelarina, dia ny **and. 6 - 8** aloha, dia ny amin' ny **fiafaran' ny aizina sy ny alina** no ambara . Voalaza ao ny amin' ny "**fanasana** " , dia fiaraha- misakafo lehibe. Ny firenena rehetra no asaina. Ambara amin' izany ny fitsaharan' ny fahoriana nisy. Ny fifaliana toy izany, dia mazava hoazy fa lavitry ny fahoriana. Voasoritra ao ny amin' ny havosan' ny hanina sy ny fahatsarany (zavatra matavy sy ny mamy) .

Nampiseho sy nanatanteraka izany fanasana izany Jesosy Tompo,na dia tamin' ny endrika hafa aza ny nanatanterahany azy teo amin' ny mpianany; ary dia nambarany koa fa mbola hisy anankiray hafa any amin' ny fahatanterahan' ny fanjakan' Andriamanitra hiarahany indray hisakafo amin' izy ireo (Mat. 26. 29) .

Ny hoe " sarona " sy " rakotra " voalaza fa hofoanan' i Jehovah, araka ny **and. 7**, dia mety hiheverana na fisaonana (and. 8b) , na fahajamban' ny olona lavon' ny ota (Ampit. 2 Kor. 3. 15).

Ny amin' ny **and. 8a**, ny amin' ny hanafoanana mandrakizay ny fahafatesana, dia andininy mavesa- danja tokoa izany; ary anisan' ny mavesa- danja indrindra ao amin' ny T.T. sy ny T.V. . Raketon' izany hevitra izany koa ny fandresena (1 Kor. 15. 54), mbamin' ny fananan- kery manapaka . Resy ny fahavalao farany, nofafana ny ranomaso farany; ary dia afa- kenatra ny olon' Atra .

Ny **and. faha- 9** , dia mety hoazo atambatra amin' ny fizarana 6 - 8 teo nilazana ny amin' ny fiafaran' ny aizina sy ny alina; nefo koa azo atambatra amin' ny fizarana faran' ny toko 25, dia ny and. 9 - 12 izay azo omena lohateny hoe : ny fiafaran' ny fiavonavonana. Satria ny mpanoritra mampifandray ("conjonction") hoe " fa " ao amin' ny and. 10, dia azo heverina homampifandray ireo andininy roa ireo (9 sy 10) .

Voasoritra ao ny filazana fiandrasana; ary tanteraka izany izao. Tonga Jehovah Izay itokisana, efa nandrasana ela; ary dia hampiety ny fahavalao, dia ny firenena Moaba izany, izay nampahory sy miavonavona (**and. 10**). Ka na dia mailaka aza ny tanany, dia tsy hahefa na inna na inona izy, fa horavana ny mandany avo, sy hofongorana hatramin' ny fakany (**and. 11 - 12**) .

Ny **fanafahana lehibe** no ambara amin' io **toko 25 ao amin' ny bokin' Isaia** io; ary dia ilazana **fanasana**. Manana fanasana sy fiantsoana amin' ny zanak' olombelona tokoa Andriamanitra, dia fanasana hidirana amin' ny Fanjakany, dia amin' ny fiaianana mandrakakizay, mba ho zanany sambatra sy mankato ny olombelona nohariny; ary ao koa ireo safidiny manokana hoamin' ny anjara raharaha manokana momba ny raharaha- pamonjena, dia ny raharaha- piangonana. Azo raisina hanohanana ireo hevitra ireo, ny amin' ny karazan' ny fiantsoana voalohany, dia ny amin' ny nataon' Atra tamin' i Adama tao amin' ny sahan' ny Edena, izay niafina, ka nanontaniany hoe : " Aiza moa ianao " ? Nampahatsiaroviny azy ny fahotany; ary ao koa ny teksta efa hitantsika teo, dia ny amin' ny Isaia 55, dia ny amin' ny fiantsoanany olona rehetra hiditra amin' ny fahasoavan' Atra. Ny karazana fiantsoana faharoa, dia ny amin' ny fiantsoana lalindalina kokoa, dia ny amin' ny fanompoana, izay misy roa karazany koa . Ny fiantsoana mandalo ny rafitry ny fiangonana izany, sy ny fiantsoana mivantana ataon' Atra amin' olom- boafidiny manokana, ka ombam- pamantarana tanterahin' Izy Ilay niantso amin' ilay olona nantsoiny manokana. Hoheverintsika amin' ireo fanazavana ireo ny lohahevitra momba ny Famoronana, Fifidianana, Faneke, Famonjena, Fanompoana.

Hojerenetsika voalohany indrindra ny amin' ny fanasana hidirana maimaim- poana ao amin' ny Fanjakan' Atra. Anasana ny olona rehetra tsy ankanavaka izany. Manako ato amin' ny bokin' Isaia 55 ny amin' ny fanasana sy fiantsoana ny olona rehetra handray ny fahasoavan' Atra . And. 1: " He ianareo rehetra izay

mangetaheta, mankanesa amin' ny rano ! Ary ianareo izay tsy manam- bola, avia mividia ka homana! Eny, avia mividia divay sy ronono, nefo tsy amim- bola na amin- karena ". And. 3 - 4 : " ... Ary hanao fanekena mandrakizay aminareo Aho, dia ny famindram- po mahatoky nampanantenaina an' i Davida ; Indro nataoko vavolombelona hoan' ny firenena izy ". And. 6 - 13 : " Mitadiava an' i Jehovah dieny mbola hita Izy; miantsoa Azy dieny mbola akaiky Izy. Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny lalany, ary tsy marina hahafoy ny heviny, ary aoka hiverina hoamin' i Jehovah ireny, fa hamindra fo aminy Izy, eny hoamin' Atsika, fa hamela helola heloka dia hamela heloka tokoa Izy. Fa ny fihevitra tsy fihevitrareo, ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako, hoy Jehovah ... Fa toy ny ranonorana sy ny oram- panala milatsaka avy any an- danitra, ka tsy miverina any, raha tsy efa nahavonto ny tany ka nampaniry sy nampahavokatra azy... dia ho tahaka izany ny teny izay aloky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin' izay ampandehanako azy. Fa amin' ny fifaliana no hivoahanareo, ary amin' ny fiadanana n hitondrana anareo ; ny tendrombohitra sy ny havoana hahavelona hoby eo anoloanareo ... Dia ho famantarana mandrakizay izay tsy hesorina ."

Antsoina araka izany ny olona rehetra hiditra ao amin' ny Fanjakan' Andriamanitra mba handova fiainana . Kanefa Atra, araka ny maha- Mpahary Azy, dia mitondra an' izao tontolo ; dia ny fianantsika eto an- tany sy ny raharaha ara- panahy.

Entiny ny fitondrana eto amin' izao tontolo izao amin' ny tanany ankavia, hoy i Lotera; ary ny Fiagonany amin' ny tanany ankavanana.

Araka ny maha- Mpahary azy, dia manome fanomezam- pahasoavana samihafa ny olombelona nohariny Izy. Ary ny olona tsirairay dia nantsoiny hampiasa ny fanomezana izay natolony azy. Tsy tokony holavin' ny kristiana fa manana fahaiza- manao, talenta, ary faniriany manokana izy. Samy hafa amin' ny namantsika isika tsirairay avy; satria araka izany no nanendren' Atra ny Fiagonany sy ny fiaraha- monina . Ireo fahasamy hafantsika ireo, dia tsy vokatry ny ezaka nataontsika , fa noraisintsika avy tamin' ny Tompo (1 Kor. 4. 7).

Mipetraka amin' ny tsirairay ny fanontaniana hoe: " ataoko ahoana re ny hamantatra ny amin' izay niantsoan' Atra ahy ? " . Tsy dia misy anefa fahasamy hafana amin' ny fiantsoana sy fanendren' Atra hoamin' ny raharaha- piangonana sy ny raharahan' izao fiainana izao . Ny tiana holazaina amin' izany, dia hoe, tsy maha kristiana kokoa ny haha- mpamily fiarakodia, mpitsabo na ho pastora. Samy manana ny fanomezana voarainy sy talentany ny kristiana tsirairay; nefo tsy tokony heveriny hofahavoazana tamin' ny fiainana raha niasa tamin' ny raharahan' izao tontolo izao ny tena, fa tsy tamin' ny raharaha- piangonana. Nampianarin' i Lotera fa nomen' Atra toerana amin' ny fiainany eto an- tany ny olona; dia fiantsoana hanompo ny hafa manodidina azy izany. Araka izany, dia adidy masina na ny haha- " gendarme ", na " infirmière " , na pastora, na asa hafa .

Araka izany fitsipika lehibe izany, dia tsy tokony hitsiriritra izay fiantsoana heverintsika ho tsara sy ambony isika; fa tokony hihevitra ny fanomezana noraisintsika sy izay tombontsoantsika mba hahazoantsika hahita izay asa tandrify antsika indrindra. Araka izany ary, dia tokony heverintsika izay fiantsoana ao anatintsika sy izay eo ivelany, mba hamaritana izany. Satria manko tsy nosoratan' Atra eo amin' ny habakabaka hohita mazava izay niantsoany sy nanendreny antsika.

Ny fandanjalanjana voalohany momba ny fiantsoana, dia ny hiheveran' ny olona ny amin' ny fanomezana manokana voarainy, ireo talentany, ary ireo irehan' ny sainy . Ireo no antsoina hoe **fiantsoana anaty** . Tsy hoe ireo fihetseham- po sy faniriana manokana no hoheverina amin' izany. Tafiditra ao anatin' ny hatao ihany ny fiheverana an' izany; kanefa mbola mila mihoatra an' izany. Ilaina ny hiheveran' ny olona sy handanjalanjany ny amin' ny tenany manokana. Tsara ny hiheveran' ny olona ny amin' ny fahaiza-manao ananany, ireo fanomezam- pahasoavana noraisiny sy ny amin' ny faniriany an' ireny asa miantso samihafa ireny. Tsy tsara raha tsy fantatry ny tena ny amin' ny fahaiza- manao sy fanomezam- pahasavana ananan' ny tena.

Raisintsika an' ohatra ny antso amin' ny fitoriana ny Filazantsara. Raha ohatra ka Andriamanitra no niantso hoamin' izany, dia tsy maintsy hampitaoviny izay hahazoany manao an' izany ilay nantsoiny. Tsy tahaka ny nisy tamin' andro fahiny intsony tamin' ny niantsoany an' ireo apostolin'y, ka nilazan' ny Tompo mivantana tamin' izy ireo hoe " manaraha Ahy " ny mbola hisy ankehitriny izao. Ny fiantsoana ankehitriny, dia ny haha- kristiana marina aloha voalohany indrindra , manaraka Azy; ary avy eo no antsoiny ny anaran' ny tena, vao hoafaka ny tena hiantso ny hafa.

Izany anefa tsy midika fa tsy maintsy hotonga amin' ny fahatanerahana ilay olona , na efa matoky ireo fahaiza- manao sy talenta ananany, vao hoafaka hihevitra fa voaantso. Tokony hisaina tahaka an' i Paoly

apostoly izay voaantson' ny Tompo, nefo tsy mbola tanteraka izy (Ampit. 2 Kor. 3. 5). Kanefa ao amin' ny fandinihan- tena sy fanetren- tenany, dia atodik' ilay voaantso amin' llay afaka manome azy fahazoana manao sy fahaizana, sy ny fitondran- tena ilainy mba hahavitany izany fanmpoana izany izy.

Tsapan' i Paoly fa tsy tanteraka izy; tsapany fa tsy mbola tonga amin' izay hahatongavany izy; kanefa dia neveriny fa tsy maintsy mandroso hoamin' ny tanjona hotratrarina izy (Fiip. 3. 12). Heverina ho momba ny atao hoe **fiantsoana anaty** izany . Fitsipika ankapobeny izany. Andriamanitra anefa dia afaka; tsy vofetran' ny misy amin' olombelona lzy.

Ao koa anefa ny antsoina hoe **fiantsoana ivelany**.

Mavesa- danja ny fiantsoana anaty, nefo tsy azo amaivanina koa ny fijery sy fiheveran' ny manodidina.lo no antsoina hoe fiantsoana ivelany. Raha ny amin' ny ministeran' ny Filazantsara no hoheverintsika, dia ilaina ny fanamarinana izany antso izany avy amin' ny tenan' i Kristy, dia ny fiangonana. Rehefa miaina sy mandray anjara amin' ny fiainam- piangonana ny olona iray, dia fitsapana ("test") ny fanomezam- pahasoavana ananany izany. Ny fananany fanomezam- pahasoavana amin' izany, dia hanamarika ny kristiana; ka hahitany azy ho olona voaantso hoamin' ny ministeran' ny Filazantsara tokoa. Raha nisy ny fankatoavana sy fampirisihana avy tamin' ny fiangonana araka izany, dia hahatonga fahatokiana sy risika lehibe tokoa amin' ilay voaantso hahatanteraka izany fanompoana izany. Ary, miaraka amin' izany koa, raha mahazo fampitandremana avy amin' ny kristiana namany izy, fa tsy tena tandrify azy izany ministera izany, ary dia tsy afaka araka izay tokony ho izy tamin' ny hadina natao taminy izy, dia tokony hijanona tsy hiroso amin' izany izy. Eo no mahatonga antsika mampaka tso- drano avy amin' ny fiangonana izay olona hiroso hoamin' ny ministeran' ny fitoriana ny Filazantsara; fa avy ao amin' ny fiangonana izy; hianatra izy; ary hiverina hanompo ao amin' ny fiangonana ihany .

Nefa koa, rehefa nianatra izy, dia tsy maintsy hahazo fanamarinam- pahaizana (" certification") ; izany hoe afa- panadinana; neken' ireo holafitra mpiandraikitra momba izany. Ireo fanadinana sy filazam- pahaizana ireo dia misakana ny olona tsy manana izany hanao izany raharaha izany; nefo miasa koa izany hanamarina ny fahaiza- manao sy fanomezam- pahasoavana ananan' ilay olona .

Marihintsika farany, fa mety tsy fahazoana manao asa iray ihany koa no talenta noraisin' olona tamin' Atra; fa mety misy hafa koa ananan' olona iray.

Araka izany ny momba ny fiantsoana. Mitovy ihany ny fahazoana azy na amin' ny raharaha- piaianana andavan' andro, na amin' ny raharaha ara- panahy. Samy maha- kristiana ny fanaovana izany. Na dia izany anefa, hoy ny Soratra Masina: " raha misy maniry ny asan' ny mpitandrina, dia maniry asa tsara izy " (1 Tim. 3. 1) .

Iverenantsika ny tekstantsika , dia Isaia 25. Nomentsika lohateny hoe: " Ny fanafahana Lehibe " ilay perikopa. Voalaza tao fa manafaka ny olony fadiranovana nampahoriana Atra. Manangana ny lavo lzy; manala ny rakotra sy ny sarona nanarona azy; mandrava ho mandrakizay ny fahafatesana; mahatanteraka fikasam- pamonjena efa nampanantenainy tamin' ny olony, mandresy sy mandrodana ny fahavalony, ka manome fifaliana miteraka fiderana eo am- bavany .

Ambaran' ny Soratra Masina fa izay mino an' i Jesosy , nirahin' ny Ray hanatanteraka ny famonjena ny olombelona, dia sady voavonjy no voaantso. Izao no voasoratra ao amin' ny 1 Tim. 1. 8 - 9 :" ... Andriamanitra, Izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin' ny fiantsoana masina, tsy araka ny asantsika, fa araka ny fikasany sy ny fahasoavany izay nomena antsika tao amin' i Kristy Jesosy hatry ny fahagola " ; Rom. 8. 28 - 30 : " Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara- miasaahasoa izay tia an' Atra, dia izay voaantso araka ny fikasany rahateo, satria izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin' ny Zanany, mba ho lahimatoa amin' ny rahalahy maro lzy. Ary izay notendreny no nantsoiny koa; ary izay nantsoiny no nohamarininy koa; ary izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa " ; Heb. 11. 8 : " Finoana no naneken' i Abrahama,rehefa nantsoina, hiainga hankany amin' izay tany hoazony ho lova; ka dia niainga izy, nefo tsy fantany izay halehany" .

Ny zava- misy, dia tsikaritra fa tsapan' ny mino maro ny hasoan' ny famonjena azo; fa vitsy anefa ireo miditra ao amin' ny hafalian' ny fiantsoana. Misy fiantraikany mafy aok' izany eo fisaintsainan' ny kristiana, ny hetsi- po sy ny finiavany samihafa , izany fahatsapana izany, raha velona ao aminy izany.

Tsiahivintsika ny zava- nisy tao amin' ny saha Edena , raha niantso an' i Adama nanota Atra nana hoe :" Aiza moa ianao ? " (Gen. 3. 9) . Antso mba hahatsapan' ilay mpanota ny ota nataony izany. Misy koa ilay antso nataon' ny Fanahy Masina tamin' ny mpianatra hoe " Atokany ho Ahy i Barnabasy sy Saoly hanao ny asa izay efa niantsoako azy." (Asa 13. 2) . Antso ataon' Atra amin' ny mpanota sy ny fanompoana ireo; nefo tsy ireo , fa ity ataony amin' ny olona masina, dia izay efa novonjeny no banjinintsika eto. Antso ataony

amin' olona masina rehetra mba hidirany ao amin' ny fahasoavana sy fitahiana rehetra mifandraika amin' izany no horeshina eto.

Tamin' alalan' ny Filazantsara izay namonjena antsika no nahatongavan' ny antson' Atra tamintsika; na dia malefaka kely , na mety tsy misy aza ny fahatsapantsika an' izany antso izany. Izay nanahirana ny saintsika dia ny hahazoana aloha ny famonjena mba hahazoana mihodivitra ny fanamelohan' ny fitsaran' Atra; fa dia kely ny mba fankasitrahana asehontsika manoloana izany famonjena azo izany. Atra Izay efa namonjy antsika anefa dia manana fikendrena be fahasoavana sy be voninahitra efa nomaniny hoantsika . Fa raha ny fanafahana antsika amin' ny fitsarana no tanjon' ny famonjen' Atra antsika, dia ny fahatanterahan' ny fikendreny no tanjon' ny fiantsoany antsika. Araka izany no voalazan' ny Rom. 8. 28 manao hoe: " dia izay voaantso araka ny fikasany rahateo ". Fikendrena efa napetrak' Andriamanitra talohan' ny nanorenany an' izao tontolo izao izany; ary ao amin' ny fikendreny hanatanteraka izany no namonjeny sy ny niantsoany antsika . Lehibe tokoa Izy, ary bitika sy tsy mendrika isika ; nefo tiany sy nomaniny amin' izany isika.

Abrahama no lehilahy voalohany nantsoin' Atra ho fiasana hahatanterahan' izany amin' ny taranak' olombelona. Nantsoiny hiala ny havany sy ny tanindrazany izy, hoamin' ny tany izay niatsoany azy. Ary rehefa niainga izy hoamin' ny tany efa nampanantenainy azy, dia nomeny fitahiana, dia ny tany Kanana sy taranaka maro; ary avy amin' ny taranany no hamonjena ny olombelona rehetra (Gen. 12. 1 - 3, 7) . Nampialana ny taniny izy, ary nomena tany vaovao ho lovany.

Tany nanompo sampy tsy nahalala an' i Jehovah sy feno faharatsiana, tany nisian' olona nanandratra sy nanome voninahitra ny tenany, ary tany nanjakan' ny aizina sy fahafatesana no nisiany taloha. Mbola toy izany ihany aloha ny tany misy antsika ankehitriny izao, na dia efa miorina eto amintsika aza ny Fiagonana izay fahazavana sy fanasin' ny tany.

Ilay tany talohan' ny safo- drano, dia nantsoin' apostoly Petera hoe: " izao rehetra izao taloha " (2 Pet. 3. 6). Efa tsy misy intsony izany tontolo izany, fa resahiny avy hatrany indray ao amin' ny and. faha- 7 ny amin' ny hoe " izao lanitra sy tany ankehitriny izao ", dia ny amin' ny tany taorian' ny safo- drano. Nefo dia mbola ny zavatra nisy taloha ihany no misy ao.

Tsy mifanaraka amin' Atra ny tontolo toy izany. Miantso ny olom- bonjeny hoamin' ny tontolo hafa Atra. Nahitantsika ny amin' ny tontolon' olombelona ny tantaran' ny fiantsoana an' i Abrahama teo; ary dia maneho amintsika koa ireo famirapiratan' ny tontolon' Atra. Araka ny soratra mitantara an' i Stefana teo anatrehan' ny synedriona (Asa. 7) , dia voalaza ao fa niresaka momba an' i Abrahama izy nanao hoe: " Atry ny voninahitra niseho tamin' i Abrahama razantsika " ; izany hoe Atra amin' ny tontolo hafa . Atry ny voninahitra, izany hoe misesho amin' ny fiandrianany, dia amin' ny natiory sy ny fombafombany feno. Tsy mbola azo tanterahina eto amin' ny tontolo misy antsika eto an- tany izany; fa afo mandevona Izy manoloana ny mpanota. Fa rehefa voadio ny tenantsika, afaka amin' ny ota amin' ny fitsanganantsika amin' ny maty, sy ny hoe " efa novana " amin' ny fiverenan' ny Tompo (1 Kor. 15. 52; 1 Tes. 4. 17), dia amin' izay vao afaka hifanerasera Aminy isika.

Fa ankehitriny izao aloha, dia mbola eto amin' ny tontolon' ny tany isika; voahodidin' ny tontolo iparitahan' ny faharatsian' ny fon' ny olona, izay tsy anomezan- toerana an' Atra; anandratana ny faha- olombelona, sy anjakan' ny fahafatesana. Voakosoky ny fifaneraserana mandrakariva amin' izany tontolo izany ny firehantsantsika; ka dia sarotra amintsika ny hahatsapa ny fitahiana tsy manam- petran' izany tontolo hafa ise豪an' Atra feno izany; - dia toerana izay iresahan' ny zavatra rehetra ny fitiavana, ny fahamasianana, ny fahendrena sy ny herin' Atra; sehatry ny fifaliana tanteraka sy ny fitsaharana, izay tsy mety idiran' ny ota, fanaintainana, sy fahafatesana. Tena any ankoatrin' izao tontolo ratsy izao ny tontolo toy izany.

Tsy hoe nasehon' Atra hohita miharihary fotsiny izany tontolo vaovaon' ny voninahitra izany, fa dia efa nambara koa ny filazana ny hananany ny Azy an' izany any . Satria raha niseho tamin' ny olona iray Ilay Atry ny voninahitra, dia ny mba hahazoan' ny olona hiseo ao amin' ny voninahiny izany. Satria raha natombok' i Stefana ny amin' ny momba an' Atry ny voninahitra niseho tamin' ny olona iray ny fitantarany, dia nofaranany ny fijoroany vavolombelona momba ny Olona misesho ao amin' ny voninahitr' Atra, manao hoe: " (Fa Stefana, feno ny Fanahy Masina, dia nibanjina ny lanitra dia nahita ny voninahitr' Atra sy Jesosy nitsangana teo an- kavan'an' Atra, dia nanao hoe) : Indro hitako ny lanitra misokatra ary ny Zanak' Olona mitsangana eo an- kavan'an' Atra ." (Asa. 6. 55 - 56). Nasehon' ny F.M. tamin' i Stefana ny amin' ny tontolo vaovaon' ny voninahitra, sy ny Olona vaovao ao amin' izany voninahitra izany, dia Olona izay mifanentana tsara amin' izay ahafahana hifanatrika sy hifaneraserana eo amin' izay isian' Atra misesho amin' ny fahafenoany maha- Andriamanitra Azy. Nolazain' ny apostoly Paoly fa ireo efa nantsoina araka ny fikasan'

Atra, dia efa voatendry mialoha hanahaka ny endriky ny Zanany (Rom. 8. 28, 29). Tian' i Jesosy hoany amin' ny toeram- boninahiny nisy Azy taloha ny mpianany, mba hahita ny voninahitra homen' ny Rainy Azy , rehefa hiala eto Izy, araka ny vavaka nasandrany tamin' ny Rainy (Jao. 17. 24).

Koa raha mba miditra ao am- pontsika amin' ny fahafenony ireo fahamarinan- javatra ireo, dia manomboka ho tsapantsika ny fahafenoan' ny fitahian' izany antso izay mampiditra antsika amin' izany tontolon' ny voninahitra izany; dia ny mba ho ao, hanahaka ny endriky ny Olson' ny voninahitra.

Manasa antsika amin' izany Atra Raitsika; ary rehefa tonga ny fampakaram- badin' ny Zanak' Ondry, dia manasa antsika rehetra ampakariny ho ao Izy; ary dia hoany amin' ny Tompo mandrakariva isika hahita tsy manam- petra ny voninahitra efa niarahany nanana rahateo tamin' ny Rainy fony tsy mbola ary ny fanorenan' izao tontolo izao .

Nanaiky sy nanoa ny fiantsoan' Atra azy i Abrahama. Nilaozany ny tanindrazany, ny fianakaviany, ny tranon' ny rainy. Nanaovan' Andriamanitra fanekena izy (Gen. 15); ary nangatahin' Atra mba handeha mahitsy eo anatrehany (Gen. 17. 1). Lehilahy feno fanoavana an' Atra izy; ary nekeny aza hatramin' ny fangatahan' Atra azy hanao fanatitra ny zanany lahy tokana, na dia sarotra indrindra taminy izany (Gen. 17) . Nanova tanteraka ny fiainany ny firaisan' i Abrahama tamin' Andriamaniny.

Maro no antsoin' Atra sy asainy; nefo tsy mano. Nanao fanoharana momba ny fanasana fampakarambadin' ny zanaky ny mpanjaka anankiray Jesosy. Tsy tonga tamin' ny fanasana anefa ny nasaina. Farany, dia naniraka ny mpanompony hamory izay rehetra hitany, na tsara na ratsy izy; ary dia feno mpihinana ny trano. Nisy anefa anankiray tsy nanome hasina sy haja ny mpanasa sy ny fanasana azy; fa nitondra akanjo tsy fitondra amin' ny fampakaram- bady izy; ka dia niharan' ny famaizana mafy.

Ny Israely no tian' i Jesosy hambara fa tsy namaly antso ny fanasan' Andriamaniny azy. Koa dia nampidirina ny jentilisa. Be ny vokatra; nefo dia hita fa nisy tsy nandeha araka ny fiantsoana azy. Fa " maro " araka izany " no antsoina ", fa " vitsy no fidina " ; fa ety ny vawahady, ary tery ny lalana mankany amin' ny fiainana . Ny tia ny maloto, mpanao vetaveta, mpandainga, mpijangajanga, mpamono olona, mpanandra- tena, sy tia ny fahafinaretan' ny tany sy fanaranana ny nofo, sns., dia tsy mba hahazo toerana any .

Modely i Abrahama teo amin' ny fanahin' ny finoana sy fanoavana. Nahazo anarana hoe " rain' ny mino "sy " skaizan' Andriamanitra " aza izy .

Gaga ny hamafin' ny fon' i Jerosalema Jesosy, ka nalahelo sy nitomany azy. Nanao izay azony natao rehetra Izay tamin' ny fitaomana azy; fa tsy nety izy. Hiharan' ny loza noho tsy finoany sy tsy fitezany hialoka amin' Izay nirahina hoaazy izy (Mt. 23. 37; Lk. 13. 34) .

Ny kristiana rehetra koa, rehefa nandray ny antson' Atra azy, dia tsy maitsy hizotra amin' ny lalan' i Abrahama. Hahafoy zavatra maro amin' ny fiainany izy; hitondra ny hazofijaliany isan' andro, ka hanaraka an' i Jesosy Tompony (Lk. 9. 23 ; Mt. 10. 38; 16. 24).

I Abrahama, rehefa nanaraka ny fiantsoan' I Jehovah azy, dia nahatsapa tena ho vahiny sy mpivahiny teto an- tany. Henony ny antson' Atra; hitany avy teny lavitra teny ny endri- javatra feno fitahiana naseho azy avy teny lavitra tao amin' ireo teny fampanantenana nilaza ny amin' ny tanindrazana any an- danitra sy ny amin' ny tananan' Atra . Nandre sy nandray izany sy izy sy ireo mpiara- dia taminy, ka nihaiky fa vahiny sy mpivahiny teto an- tany. Ny tsara lavitra noho ny eto no niriny (Heb. 11. 13 - 16) .

Ary, rehefa nanaiky hanaraka ny lalana izay maha- mpivahiny azy izy, dia tonga vavolombelon' Andriamaniny. Voalazan' ny and. 14 hoe: " Fa izay milaza izany zavatra izany, dia maneho marimarina fa mitady izay ho taniny izy ". Izay olona afaka mihaiky mazava fa vavolombelona izy, no ilay olona izay namaly ny antson' Atra.

Farany, namaly tokoa ny antson' Atra izy, nizotra tamin' ny lalana araka ny maha- mpivahiny, ary dia nitompo teny ho vavolombelona, dia nahazo sitraka sy fitahiana avy tamin' Atra. " Ary nino an' i Jehovah Abrama, dia nisaina ho fahamarinany izany " (Gen. 15. 6) ; niseho taminy miandalana Atra, nampitombo ny fahazavan- tsainy hino sy hatoky Azy, nanome azy taranaka, ary nilaza taminy hoe: " Ny taranakao no homeko ity tany ity " (Gen. 12. 7; 13. 14 - 17) .

Araka izany finoana sy fiainan' Abrahama izany koa ny fiainan' ny kristiana marina . Mahatonga ny voninahitry ny tany izay mandalo ihany ho malemy sy manify, ny velarana lehiben' ny voninahitra tazan' ny finoana ao amin' antson' Atra . Rehefa hita amin' izay tena refiny izy ireny, dia tsy sarotra ny mando azy. Ary, raha sendra ka misy eo amin' ny fiainana, fotoana iray, hahatongavan' ny antson' Atra ho loharanon' ny fahorianana, nefo dia hitan' ny finoana fa maivana ihany, tsy mampaninona izany; satria fantatsika fa any an- koatra dia misy " voninahitra mavesatra " efa miandry antsika. Fa hoy i Paoly: " Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra, ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra

mandrakizay hoanay, raha tsy mijery ny hita izahay; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay " (2 Kor. 4. 17 - 18) .

Enga anie ny antson' Atra manasa antsika zanany ao amin' i Jesosy Tompo hiditra amin' izany voninahitra sy fahafinaretana mandrakizay izany, rehefa navotany isika, ho tena velona sy hiasa ao anatintsika, ka ho mpiady mahery isika, hihazona izay nihazonan' ny Tompo antsika, ka hiara- milaza amin' i Paoly apostoly isika hanao hoe : " ... manadino izay zavatra ao aoriana ka miezaka hanatratra izay zavatra eo aloha, eny miezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan' ny fiantsoan' Atra any ambony ao amin' i Kristy Jesosy . " Amena .